# KAOMININA MATANJAKA AMIN'NY LAFINY RANO FANADIOVANA SY FIDIOVANA

# "SEKOLY SY TOBIM-PAHASALAMANA" MANAJA NY FEPETRAN'NY RANO – FANADIOVANA SY FIDIOVANA"

**FAMPIDIRANA**

Lafiny maro no mampatanjaka ny Kaominina amin'ny lafin'ny Rano-Fanadiovana sy Fidiovana (RFF), isan'izany ny **fanajan'ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana ny fepetra RFF**.

Ary, ankoatry ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana izay ifantohan'ity tahirin-kevitra ity, dia tokony ho **toerana ahafahana manaja ny fahadiovana avokoa ireo toerana ivoriana na ivezivezen'ny daholobe eo amin'ny kaominina** toy ny :

- Biraon'ny kaominina
- Fiangonana
- Tsena
- Tranobe (institution traditionnelle)
- Tranom-pokonolona
- Toeram-pamoriana olona
- Toeram- pilanonana
- Toeram-pisakafoana
- Biraom-panjakana eo anivon'ny Kaominina (ohatra: birao mikasika ny fananan-tany, sns…)
- Sns…

Ny tanjona dia:

- MADIO, amin'ny lafin'ny RFF, ireo rafitra/toerana ireo.
- AFAKA MANAJA ny FAHADIOVANA ireo miasa sy mampiasa ny tolotra amin'ireo rafitra/toerana ireo.

**Drafitra :**

1. Ny fifandraisan'ny Sekoly sy Tobim-pahasalamana amin'ny Kaominina sy ireo Ministera mpiahy azy
2. Ireo dingana harahina hanohanan'ny Kaominina ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana mba hanaja ireo fepetra RFF
3. Ny endriky ny fanohanan'ny Kaominina ireo Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana
4. IREO FEPETRA FOTOTRA RFF, TOKONY HO HAJAIN'NY SEKOLY SY NY TOBIM-PAHASALAMANA
   - Mikasika ireo fihetsika (tanterahin'ny Mpiasa sy ny Mpisitraka rehetra)
   - Mikasika ny fotodrafitrasa/fitaovana

1. **Ny fifandraisan'ny Sekoly sy Tobim-pahasalamana amin'ny Kaominina sy ireo Ministera mpiahy azy mba hanajan'izy ireo ny fepetra RFF:**

- **Ny Kaominina :**
  - Mitarika sy mampandray andraikitra ny Rafitra rehetra misy eo aminy mba hanaja ny fepetra RFF, isan'izany ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana.
  - Mampiditra ho laharam-pahamehana anatin'ny drafitrasa (plan d'action communal) ny fiaraha-mientana amin'ny sekoly sy tobim-pahasalamana.
  - Manao tantsoroka (fanentanana sy fiaraha-miasa) ireo sekoly sy tobim-pahasalamana amin'ny alalan'ny ATEAH.

- **Ny Ministera :** Ireo sekoly sy tobim-pahasalalamana koa anefa dia eo ambany fiahian'ireo Ministera miandraikitra azy avy ary noho izany dia misy hatrany ihany koa ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo tompon'andraikitra isan'ambaratonga eny anivon'ny Kaominina, ny Distrika ary ny Faritra.

2. **Ireo dingana harahina hanohanan'ny Kaominina ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana mba hanaja ireo fepetra RFF**

Ny dingana rehetra voatanisa eto dia tarihin'ny Kaominina avokoa.

| Dingana arahina | Ireo mpandray anjara | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fanairana eny anivon'ireo tompon'andraikitry ny rafitra sy ireo mpitarika eny anivon'ny fiaraha-monina | Chefs Fokontany rehetra<br>Mpitarika eny anivon'ny fiaraha-monina<br>Lehiben'ny sekoly rehetra, Lehiben'ny tobim-pahasalamana | Drafitra'asa eny anivon'ny Kaominina izay misy faneken'ny Sekoly rehetra sy ny Tobim-pahasalamana mba hanaja ny fepetra RFF |
| Fivoriana fanazavana ireo fepetra fototra RFF tokony hisy eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana (tanterahina isaky ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana) sy fanazavana fametrahana komity | Lehiben'ny sekoly rehetra, Lehiben'ny tobim-pahasalamana | **Mahafantatra ireo fepetra fototra RFF** tokony ho tandrovana ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana<br>**Mametraka komity(*) misahana ny RFF** ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana<br>**Manana drafitrasa tsotra ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana** mba hahafahany mampisy sy manatsara ny tolotra RFF eo aminy, izay tanterahina mifanaraka amin'ny teti-bola sy anaty fe-potoana voafaritra araka ny ifanarahan'ny komity, ary tsy atao mihoatra ny herintaona. |
| Fanampiana ny Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana amin'ny alalan'ny famangiana sy fivoriana fanaraha-maso | Lehiben'ny sekoly rehetra, lehiben'ny tobim-pahasalamana | **Manatanteraka ireo asa anatin'ny drafitrasa** ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana sy ireo tompon'andraikitra rehetra. |

**(*)Ny komity** dia miantoka :

- Famolavolana ireo paikady sy asa tokony atao mba hahatonga ny tobim-pahasalamana hanaraka ireo fepetra fototra RFF
- Fanetsehana ireo loharanon-kery rehetra entina hanatanterahana ny paikady (ohatra: olona, fitaovana, vola)
- Fanatanterahana ny paikady sy fametrahana lamina mikasika ny fikojakojana ny fotodrafitr'asa RFF
- Fanaraha-maso sy tombana
- Fanaovana tatitra amin'ny Kaominina sy ny solotenan'ny Ministera mpiahy eo anivon'ny Kaominina/Distrika momba ny fandrosoan'ny asany; ary fangatahana fanohanana aminy raha ilaina izany.

Ireto avy ireo mpikambana anaty komity:

| **a. Ho an'ny sekoly:** | **b. Ho an'ny tobim-pahasalamana:** |
|---|---|
| -Talen-tsekoly,<br>-Solontenan'ny mpampianatra sy mpianatra,<br>-ny FRAM,<br>-ny FEFFI (Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'ny Fanabeazana eny Ifotony)<br>-ny Fokontany<br>-ary ireo fikambanana mpanao asa soa voafidy tamin'ny fivoriambe.<br>-STEAH (Kaominina) | -Chef CSB<br>-STEAH<br>-Solotena eo amin'ny fandraharahana na « administration » eo anivon'ny Kaominina - ohatra :2ème adjoint au Maire<br>-Président du conseiller<br>-Solontena 1 na 2 avy amin'ny mpiasan'ny CSB (ankoatran'ny Chef CSB) (fidiana)<br>-Solontena 1 na 2 avy amin'ny mpanentana ara-pahasalamana (AC) (fidiana) |

### 3. Ny endriky ny fanohanan'ny Kaominina ireo Sekoly sy ny Tobim-pahasalamana

Ireto voatanisa manaraka ireto izany:

- Fampahatsiahivana matetika
- Fiarahana manao drafitrasa sy fanaraha-maso izany
- Fanomezana torohevitra
- Fanamafisana ny traikefa
- Famporisihina ny fampisiana sehatra hifanakalozan'ny mpiara-miombona antoka rehetra mba hahatonga ireo sekoly sy tobim-pahasalamana hanaja ny fenitry ny fahadiovana.

Tsara raha miara-mamaritra ny andraikiny ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana ary ny kaominina hahatonga ireo sekoly sy ny tobim-pahasalamana eo anivon'ny kaominina hanaja ny fenitry ny fahadiovana.

**Fafana fizarana andraikitra eo amin'ny mpiantsehatra isan-tsokajiny:**

(ho an'ireo sekoly eo anivon'ny kaominina)

| **Mpiantsehatra** | **Andraikitra** |
|---|---|
| **Kaominina amin'ny ankapobeny** | Ohatra :Mandray ho anisan'ny laharapahamehana ao anatin'ny paikady sy teti-bolan'ny kaominina ny asa fanohanana ny Sekoly sy CSB |
| **ATEAH** | |

| | |
|---|---|
| **Mpiandraikitra eo amin'ny sekoly (tale, mpampianatra) na tobim-pahasalamana (ny mpitsabo, mpiasan'ny fahasalamana rehetra, mpilatsaka an-tsitrapo toy ny AC)** | |
| **Komity** | |
| **Mpianatra sy ny ray aman-drenin'ny mpianatra na ireo mpisitraka ny tobim-pahasalamana** | |

## 4. IREO FEPETRA FOTOTRA RFF, TOKONY HO HAJAIN'NY SEKOLY SY NY TOBIM-PAHASALAMANA

**Mikasika ireo fihetsika (tanterahin'ny Mpiasa sy ny Mpisitraka rehetra)**

| a. **Sekoly** | b. **Tobim-pahasalamana** |
|---|---|
| - Fitandrovana ny fahadiovan'ny rano manomboka any am-patsakana ka ka hatramin'ny fampiasana azy<br>- Fampiasana kabone ara-pahasalamana sy tsy mampihinan-tay<br>- Fanasana tanana amin'ny rano madio sy savony<br>- Fitantanana ny fahadiovana mandritry ny fadimbolana<br>- Fahaiza-mitantana ny fako | - Fikajiana mandrakariva ny fahadiovan'ny rano hatreny am-patsakana ka hatramin'ny fampiasana;<br>- Fampiasana lavapiringa ara-pahasalamana ;<br>- Fanasana tànana amin'ny rano sy savony;<br>- Fitantanana ny fahadiovana mandritry ny fadimbolana.<br>- Fitantanana ny fako vokarin'ny tobim-pahasalamana<br>- Fanadiovana sy famonoana mikraoba |

**Mikasika ny fotodrafitrasa/fitaovana**

Marihina fa ny fotodrafitr'asa sy ireo fitaovana RFF ampiasaina eny anivon'ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana dia tokony ho SAHAZA ireo mpiasa sy mpisitraka ny sekoly na ny tobim-pahasalamana, na manana fahasembanana na tsia, na zaza na tanora na zokiolona, na lahy na vavy.

**Ho an'ny sekoly:**

✓ **RANO :**

- Tambajotra fitsinjarana ny rano (rano amin'ny paompy)
- NA Lavadrano madio sy voaaro ny manodidina. (20 metatra miala ny kabone)
- NA Raha tsy misy ireo dia : mampiasà rano voadio (rano nampangotrahina, na nasiana sur'eau, na filtre manara-penitra) sy voatahiry anaty fitahirizan-drano madio.

✓ **FANADIOVANA:**

i. **Ny Kabone :**

- Kabone ampy mifanaraka amin'ny isan'ny mpianatra (efitra iray ho an'ny mpianatra 50)
- Misaraka ny efitra ho an' ny lahy sy ho an' ny vavy, tsy tantera-drano ary azo sasana ny gorodona, "fly proof" na voaaro amin'ny lalitra

Ny kabone dia tsy maintsy:

- Misy varavarana misy hidiny avy ao anatiny,
- Misy lavaka hahafahan'ny rivotra mifamoivoy, (lavaka ivoahan'ny rivotra amin'ny rindrin'ny kabone, ary fantsona (ahafahan'ny rivotra mivezivezy) amin'ny lavaky ny kabone)
- Misy taratasy fifirana sy daba misarona ametrahana ny taratasy avy nampiasaina
- Misy rano isasana
- Ahitana kojakoja enti-manadio (kifafa, daba asiana rano…)
- Misy toeram-pamaniana tsy tantera-drano sy azo sasana,

Raha tsy misy ireo dia: mampiasà trano kabone izay misy na tsotra indrindra, voaaro amin'ny lalitra

ii. **Lava-pako** :

Lava-pako roa samihafa:

- asiana ny fako mety levona
- ary ny iray asiana fako tsy mety levona

Ny lava-pako dia atao lavidavitra ireo lakilasy sy birao, tsy talaky maso.

✓ **FIDIOVANA :**

i. **Fitaovana fanasana tanana (DLM)**

- Apetraka manakaiky ny kabone,
- Misy "robinet",
- Misy fitoeran-tsavony sy savony.

Raha tsy misy ireo dia: mampiasà fitaovana tsotra fanasana tanana toy ny Tippy tap nefa tokony hatao amin'ny habetsahana sahaza ny isan'ny mpianatra ary tsy adinoina ny savony.

ii. **Trano fidiovana** (dosy):

- Gorodona (hazo, ciment, carreaux, sns…) tsy tantera-drano, azo sasana, tsy manangon-drano.

Raha tsy misy io dia: mametraka toerana voatokana sy tsy talaky mason'ny manodidina indrindra hahafahan'ny ankizivavy midio mandritra ny fadimbolana.

- Ahitana fitaovam-pisasana (siô, zinga, savony…)

<u>**Ho an'ny Tobim-pahasalamana:**</u>

✓ **RANO :**

- Tambajotra fitsinjarana ny rano voadio azo antoka (ohatra: rano voadio azo antoka avy amin'ny paompy) , NA Lavadrano madio sy voaaro ny manodidina ary ny rano avy ao dia diovina amin'ny sur'eau na ampangotrahina mialohan'ny ampiasàna azy.
- Fitahirizan-drano madio sy misarona, ampy hitahirizana ny rano ilain'ny tobim-pahasalamana (ampiasain'ny ny marary sy ny mpiandry azy (anatin'izany ny sotroina), ampiasain'ny mpiasan'ny tobim-pahasalamana, hanadiovana ny tobim-pahasalamana, sns.)

✓ **FANADIOVANA:**

i. **Ny Kabone :**

- Azo sasàna sy voadio
- Lavapiringa tsy misy lalitra mivezivezy (flyproof) misy sarony ny lavaka;
- Misy varavarana mihidy avy any anatiny raha misy olona ao anatiny ary mihidy avy aty ivelany rehefa tsisy olona ao anatiny;
- Miaraka amin'ny :
  - fanasàna tànana eo ivelany

- fantsona na lavakombarika fivezivezen'ny rivotra
- tafo
- daba kely misarona fanariana taratasy, kifafa,…
- 12-50 m miala amin'ny fantsakana;
- 2,50 m miala amin'ny fanambanin'ny rano ao am-pantsakana;
- Toerana ambany noho ny loharano
- « Patients hospitalisés » = kabone 1 ho an'ny mpampiasa 20
- Ho an'ireo tsy « hospitalisés » = kabone 4 (kabone 1 ho an'ny mpiasan'ny tobim-pahasalamana vehivavy= kabone 1 ; mpiasan'ny tobim-pahasalamana lehilahy= kabone 1 ; marary vehivavy « tsy hospitalisés »= kabone 1 ; marary lehilahy « tsy hospitalisés »= kabone 1)

ii. **Ireo fitaovana sy toerana fitantanana ny fako** :

- **Fitoeram-pako (**fasiana fako misarona mifanaraka amin'ireo karazam-pako sy ny habetsahany) **3 karazana :**
  - ho an'ny fako mitovy amin'ny fako an-trano (harona / fitoerampako mainty na maintso)
  - fitoeram-pako ho an'ny fako ahiana hitondra aretina (harona mavo na mena, fitoeram-pako misy fanitsahana izany hoe tsy mila sokafana amin'ny tanana)
  - Fitoeram-panariana ny zava-maranitra, ny fanjaitra (ohatra: baoritra misarona )

**- Fitaovam-pitondrana ny fako avy ao amin'ny "fitoeram-pako" mankany amin'ny "fitehirizana fako"** : mifanaraka amin'ny hadirin'ny fako sy ny làlana miditra any amin'ny toerana fitehirizana ny fako na ny fanapotehina/fandoroana (ohatra: fitaovana misarona misy kodiarana araka ny hita amin'ny sary eo ambany)



- **Fitehirizana fako (Stockage)_:**_Toerana, tokony ho voafaritra, mihidy, malalaka ary afaka hivezivezen'ny rivotra, mitafo ary azo sasàna

- **Fanafoanana (Traitement/Elimination) :** Ny rafitra fanafoanana fako dia miankina amin'ny habetsaky ny fako vokarin'ny tobim-pahasalamana iray
- **Fitantanana ny "rano maloto", ( toerana voaaro hikorianan'ny rano, sy hivarianan'ny rano mba tsy hitondra fiatraikany ratsy amin'ny fahasalaman'ny manodidina)**

iii. **Fananan'ny Tobim-pahasalamana fitaovam-piarovana ny vatana** na « Equipement de protection individuelle » ho an'ireo mpiasan'ny tobim-pahasalamana rehefa mifanerasera sy mikarakara marary, rehefa manao asa fanadiovana anatin'ny tobim-pahasalamana : Fanamiana miaro ny vatana (Blouse) – Aro-tanana (Gants) – Aro-tava (Masque)

iv. **Ireo fitaovana fanadiovana ny tobim-pahasalamana** : « Serpillères » - « Seaux » - Kifafa - « Désinfectants »

- ✓ **FIDIOVANA :**

i. **Fitaovana fanasana tanana (DLM):**

(Ho an'ny mpiasan'ny tobim-pahasalamana, Ho an'ny mpisitraka ny tolotry ny tobim-pahasalamana)

- o Fitoerana misarona misy robinet, na Tippy Tap na Lavabo /évier/ bassin misy robinet mandeha tsara isaky ny efitrano
- o Misy savony na « gel desinfectant »

**ii. Trano fidiovana na "douche"**

- o Marary miditra hopitaly = trano fidiovana iray ho an'ny mpampiasa 40


**FANAMARIHANA:**


Marihina fa ny **Ministeran'ny Fampianarana sy ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka dia manofana manokana ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana izay maniry ho lasa SAKAIZAN'NY RFF**.

**Bibliographie:**



- *Guide de mise en œuvre des Formations Sanitaires Amies de WASH*, Ministère de la Santé Publique, 2016
- *Fichier Powerpoint : FSAW RANOWASH VERSION MALAGASY, Service Santé et Environnement – Ministère de la santé publique, 2018*
- Boky *Torolalalana teknika ho fampijoroana ny Sekoly sakaizan'ny Rano – Fanadiovana – Fidiovana,* Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, 2019

Annexe I : Maodely  "Bloc sanitaire" Efitra 3 (Kabone 2 (ny 1 ho an'ny manana fahasembanana) sy Douche 1)







| MIXED SANITARY BLOCK WITH 03 COMPARTMENTS INCLUDING A SHOWER COMPARTMENT | FOUNDATION PLAN |
|---|---|
| | RANO WASH - 2020 |






| MIXED SANITARY BLOCK WITH 03 COMPARTMENTS INCLUDING A SHOWER COMPARTMENT | PLAN VIEW |
|---|---|
| | RANO WASH - 2020 |

# COUPE A-A




| | |
|---|---|
| MIXED SANITARY BLOCK WITH 03 COMPARTMENTS INCLUDING A SHOWER COMPARTMENT | CUT VIEW |
| | RANO WASH - 2020 |




| | |
|---|---|
| MIXED SANITARY BLOCK WITH 03 COMPARTMENTS INCLUDING A SHOWER COMPARTMENT | CUT VIEWS |
| | RANO WASH - 2020 |

Annexe 2